Tsy ho mpino ny iray aminareo raha tsy efa mitia ho an'ny rahalahiny izay zavatra tiany ho an'ny tenany

Tatitra azo avy amin'i Anas (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Tsy ho mpino ny iray aminareo raha tsy efa mitia ho an'ny rahalahiny izay zavatra tiany ho an'ny tenany."

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa tsy ho feno tanteraka ny finoan'ny mpino iray raha tsy tiany ho an'ny rahalahiny izay tiany ho an'ny tenany, eo amin'ny asa fankatoavana sy karazana asa soa eo amin'ny finoana sy fiainana eto an-tany, ary halany ho azy ny zavatra halany ho an’ny tenany, ka raha mahita ny tsy fahampian’ny finoana amin’ny rahalahiny izy, dia tokony hiezaka hanarina izany, ary raha tsara no hitany dia hamarininy sy ho ampiany ary hanoro azy amin’ny raharaha ara-pinoana na raharaha ara-piainana.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4717